

8 jiona 2010.
26 Sivan 5770

Ny ranonorana farany.

"Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny ka mandray ny marika eo amin'ny handriny na amin'ny tånany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tao anatin'ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra, sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry izy; ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manampitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany. Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy. " (Apok. 14:9-12). "Rehefa afaka izany, dia hitako fa indro, nisy anjely izay koa nidina avy tany andanitra, nanana fahefana lehibe; ary ny tany nohazavain'ny voninahiny." (Apok. 18 : 1)

«*Hanazava ny tany amin'ny voninahiny*» ilay anjely izay nandray anjara tamin'ny fitoriana ny hafatra fahatelo. Manambara asa goavana ho tanterahina maneran-tany io teny io..Any amin'ny toerana sasany dia hisy fifohazana mahery vaika izay mbola tsy nahitana izany hatramin'ny Fanavaozana tamin'ny taon-jato kaha 16 hitranga , kanefa mbola ho goavana kokoa izany fifohazana izany vokatr'ity fampitandremana farany ataon'ny anjely fahatelo ity.


Amin'izay andro izay dia hisy fihetsehana mitovy tamin'ny andron'ny Pentekosta noharina ho toy ny "*ranonorana voalohany*" dia ny firosahan'ny Fanahy Masina tamin'ny fanombohana ny fitoriana ny Filazantsara. "*Dia aoka hahalala, eny, aoka hiezaka hahalala an'i Jehovah isika; Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany, dia ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatratra Izy, sy toy ny fara orana izay mahavonto ny tany "* (Hosea 6:3)

"Ary ianareo, ry zanak'i Ziona, miravoravoava sy mifalia amin'i Jehovah Andriamanitrareo; Fa hanome anareo ny loha-orana onony Izy, dia handatsaka ranonorana mivatratra ho anareo, eny, ny loha-orana sy ny faraorana aloha." (Joel 2:23) Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, No handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia hovanjena "* (Asa 2:17, 21)

Tsy hifarana amin'ny hery ambany kokoa noho ny nanombohana azy ny fitoriana ny filazantsara. Ny faminiana mikasika ny filatsahan'ny ranonorana voalohany dia tokony hisy tambiny amin'ny filatsahan'ny ranonorana farany, amin'ny faran'izao tontolo izao. Io ilay nataon'i Petera hoe « andro famelombelomana » raha hoy izy: "*Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotany, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo, dia Jesosy,"* (Asa 3:19,20) . Hitety vohitra ny mpanompon'Andriamanitra hitory ny hafatry ny lanitra miaraka amin'ny endrika mamirapiraty ny fahazavan'ny fanokanana masina. Hapanakoakon'ny feo anarivony izany any amin'ny toerana rehetra maneran-tany. Hositrana ny marary, hisy fahagagàna lehibe hanaraka ny mpino. Eo anilan'izany kosa Satàna dia hanao fahagagàna mamitaka hatramin'ny fampidinana afo avy any an-danitra eo imason'ny olona.(jereo Apok. 13: 13). Tsy maintsy hanapa-kevitra ny mponina eto an-tany.

Ny fampitandremana dia hotoriana tsy amin'ny alalan'ny petra-kevitra ihany fa indrindra koa no ho ny fandresendahatry ny Fanahy Masina. Efa naseho ny porofo rehetra. Ny voa izay nafafy teo aloha dia hitondra vokatra. Maro amin'ireo izay tsy nahafantatra tsara ny fahamarinana no handray amin' ny fahafenoany ka hankatò izany. Hisy tarapahazavàna hiditra any amin'ny toerana rehetra, hiseho amin'ny fahafenoany ny fahamarinana ka hisy fanahy tso-po hanapaka ny rojo nangeja azy. Ny rohim-pianakaviana na fiangonana dia tsy afaka intsony hihazona azy. Sarobidy aminy mihoatra ny zavatra hafa rehetra ny fahamarinana ka na dia eo aza ny hery mifatratra manohitra izany dia marobe no manapa-kevitra hanaraka ny Tompo. *La Tragédie des siècles* 663- 664

Fanamarihana: Sarotra ny hamaritry ny fanandramana hataon'ny zanak'Andriamanitra velona mandritra ny fotoana hiposahan'ny voninahitry ny lanitra. Handroso eo ambanin'ny fahazavàna mivoaka avy eo amin'ny lapan'Andriamanitra izy ireo ka ny anjely no miantoka ny fifandraisana tsy tapaka eo amin'ny lanitra sy ny tany. Etsy andaniny, manatanteraka izao fahagagàna maro be izao Satàna-manao ny tenany ho andriamanitra- miaraka amin'ny anjely ratsy mba entina hamitahana raha azo atao ny olom-boafidy. Tsy hahita famonjena ao amin'ny fanaovana fahagagàna ny vahoakan'Andriamanitra satria azon'i Satàna halaina tahaka rehefa mety fahagagàna. Hahita hery eo amin'ny marika voalazan'ny Exodosy 31 : 12-18 ny vahoakan'Andriamanitra. Aoka hijoro eo amin'ny Teny Velona." Voasoratra hoe " io ihany no hany fototra azo antoka. Ho very fanantenana tsy misy an'Andriamanitra eo amin'izao tontolo izao ity ireo izay nanapaka ny fifanekenany taminy.-- *Lettre* 119, 1904



**Vous sondez les Ecritures,
parce que vous pensez avoir en elles
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent
témoignage de moi. Jean 5:39**